# HO AN'NY ANKIZY

## FIKAROHANA NY RAKI-TSAROBIDIN'NY TENIN'ANDRIAMANITRA

Julie Weslake, talen'ny departemantan'ny Ministera Miadidy ny Ankizy ao amin'ny Diviziona Pasifika Atsimo.

SABATA VOALOHANY

### NAHOANA NO RAKI-TSAROBIDY HO ANTSIKA NY BAIBOLY?

**Andininy fototra:** *"Fa miharia harena ho anareo any an-danitra, izay tsy misy kalalao na harafesina manimba, sady tsy misy mpangalatra manamitrano na mangalatra. Fa izay itoeran'ny harenao, dia ho any koa ny fonao." – Mat. 6:20,21.*

Nanamboatra boaty kely anankiray voaravaka sary i Gemma. Tiany ho an'i Nenibe izy io satria tiany i Nenibe. Hain'i Gemma tsara ny toerana hametrahany azy io. Tsikariny mantsy ny toerana fametrahan'i Nenibe ireo raki-tsarobidiny, ka napetrany tamim-pitandremana fatratra teo ambony talantalana akaikin'ireo haingon-trano sy sary samihafa ilay izy mba hahafinaritra an'i Nenibe ny mahita azy.

Fa misy boky iray izay eo ambony talantalana eo. Ary heverin'i Gemma fa boky miavaka izy io satria eo amin'ilay talantalana voatokana. Kanefa rehefa nosokafany ireo takila dia gaga izy fa nisy nanoratra sy nanipika ny teny sy andalan-teny sasany. Fantatr'i Gemma fa tsy tokony hosoratana na tsipihina mihitsy ny boky, ka nanontany an'i Nenibe izy hoe nahoana no voatsipika sy voasoratsoratra ny bokiny.

Dia nohazavain'i Nenibe fa boky miavaka tokoa io boky io. Baiboly no iantsoana azy. Nolazain'i Nenibe fa mamaky io boky io isan'andro izy. Ny teny ao anatiny, indrindra ireo teny voatsipika, dia raki-tsarobidy izay tiany hotsaroana satria mampifandray azy amin'i Jesôsy sy ny fitiavany azy. Nolazain'i Nenibe fa ireo teny ireo dia maneho aminy ny fomba hitiavana an'i Jesôsy sy ny fomba hanahafana Azy. Ary ireo hafatra dia manome azy tanjona ho an'ny andro tsirairay sy fanantenana ho amin'ny hoavy.

Nientanentana i Gemma. Naniry ny ho tia an'i Jesôsy koa izy, ary hamantatra bebe kokoa ny momba Azy. Niriny mba hahasambatra ny fiainany koa ireo teny sarobidy ireo. Dia nangataka an'i Nenibe izy mba hampianatra azy ny fomba famakiana sy hahazoana ny Baiboly ary ny fiainana miaraka amin'i Jesôsy toy ny namany akaiky.

Dodona ihany koa i Nenibe. Nolazainy fa tsy misy zava-dehibe mihoatra ny fizaràna ny teny ao amin'ny Baiboly. Nohazavainy fa ny Baiboly dia toy ny sarintany misy raki-tsarobidy, ary rehefa mandany fotoana mamaky ny Baiboly ianao, dia toy ny mihady lavaka mikaroka volamena, volafotsy na vato sarobidy.

Ao amin'ny Matio 6:19-21, i Jesôsy dia miantso antsika mba tsy handany ny androntsika amin' ny fikatsahana harena eto an-tany. Tokony holanintsika amin'izay sitrak'i Jesôsy handaniantsika azy ny fotoana sy ny volantsika, mba ho any an-danitra no itoeran'ny harentsika, satria izay misy ny harentsika dia ho any koa ny fontsika.

Ao amin'ny tantara hita ao amin'ny Mat. 13:44-46, i Jesôsy dia nilaza tamin'ny mpianany fa toy ny harena nafenina ao anaty saha iray ny lanitra. Tsy maintsy maniry ny hivarotra izay anananao rehetra ianao mba hividianana ilay saha, dia ho azonao Ilay harena miafina. Ny hafaliana amin'ny fiarahana amin'i Jesôsy any an-danitra sy fiarahana miaina Aminy mandrakizay dia sarobidy toy izany koa. Mba hahazoana ny lanitra, dia hahafaly antsika ny hamoy zavatra maro eo amin'ny fiainantsika ary handany fotoana hamakiana ny Baiboly.

**Resadresaka**

Ahoana no mety handanianao ny fotoanao sy ny volanao mba hahazoana ny raki-tsarobidy atolotry ny Baiboly?

**Vavaka**

Angataho i Jesôsy hanampy anao hahita ireo raki-tsarobidy ao amin'ny Teniny, izay ilainao hananana fiainana masina. Misaora Azy noho ireo raki-tsarobidy efa nomeny anao sahady.

**Fampiasana**

Manorita sarintany misy harena miafina manodidina ny efitranonao, ny fiangonana, ny trano. Manafena andininy avy ao amin'ny Baiboly, ary asehoy ao anatin'io sarintany io ny toerana tokony haleha hahitana ireo andininy ireo. Rehefa hitan'ny namanao sy ny fianakaviana ireo dia miaraha mamaky azy.

ALAHADY

**VAKIO NY BAIBOLY - AZO ITOKIANA IZANY**

**Andininy fototra:** *“Fa hatry ny fony vao zaza hianao dia efa nahalala ny Soratra Masina, izay mampahahendry anao ho amin’ny famonjena amin’ny finoana izay ao amin’i Kristy Jesosy. Izay soratra rehetra nomen’ny tsindrimandrin’Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin’ny fahamarinana”*

- 2 Tim. 3:15,16.

**N**asehon'i Nenibe an'i Gemma ny Baiboly izay milaza fa Tenin'Andriamanitra no voarakitra ao. Antsoina hoe Soratra Masina izy io satria milaza amintsika ny momba an' Andriamanitra sy ny fomba hanomezantsika Azy ny fontsika sy ny fiainantsika. Nohazavain’i Nenibe fa tsy tena boky iray akory ny Baiboly, fa boky kely 66, nosoratan'olona samihafa, rehefa nomen' Andriamanitra hevitra sy teny izy ireo. Ny sasany nanoratra izay tsaroany tamin'izay nitranga tany aloha elabe, ny hafa nanoratra izay niseho tamin'i Jesôsy teto an-tany. Ny sasany nanoratra tononkira sy tononkalo, ny hafa nanoratra ny amin'izay zavatra mbola hitranga amin'ny hoavy.

Ambaran'ny Baiboly amintsika, fa ny hafatra voarakitra ao anatiny, dia tsy avy amin' ny eritreritry ny mpanoratra. *"Fa tsy nisy faminaniana avy tamin’ny sitrapon’ny olona tany aloha rehetra; fa avy tamin’ Andriamanitra no nitenenan’ny olona araka izay nitondran’ny Fanahy Masina azy.*” - 2 Pet. 1:21.

Ny boky iray ao amin'ny Baiboly dia milaza amintsika mikasika ny zatovo anankiray nantsoina hoe Timoty, izay nahita harena miafin'ny Baiboly. Azony avy tamin'ny reniny Eonika, sy ny renibeny Loisa izany. Fantatr'izy ireo ny hasarobidin'ny tenin'ny Baiboly, koa tapa-kevitra izy ireo fa zava-dehibe ny miara-mipetraka amin'i Timoty isan'andro sy mampianatra azy ny fomba fikatsahana harena nafenina ao anaty Baiboly, ary ny fanolorana ny fony ho an'i Jesôsy.

Satria avy amin'ny tsindrimandrin' Andriamanitra ny Baiboly, dia nampitombo ny finoan’ i Timoty an' i Jesôsy izany ka nanome azy herimpo sy fitiavana lalina ny hizara an’i Jesôsy, ary hitarika ny hafa hivelona ho Azy.

Nino an'i Silasy sy Timoty ny olona tany Tesalônika rehefa nilaza tamin’izy ireo ny momba ny harena miafin'ny Baiboly, ka niala tamin'ny fitiavana sampy ary nanomboka tia an'i Jesôsy, ilay Andriamanitra velona izy ireo. Nankalaza an'Andriamanitra i Paoly noho izany. Nanoratra tamin'ny Tesalônianina izy, nilaza hoe: *"Ary noho izany izahay koa dia tsy mitsahatra misaotra an’Andriamanitra, satria rehefa nandray ny tenin’Andriamanitra izay notorinay hianareo, dia tsy noraisinareo ho tenin’olona, fa araka izay marina, dia ny tenin’Andriamanitra, izay miasa ao anatinareo izay mino koa.*” - 1 Tes. 2:13.

Nanontany an'i Gemma i Nenibe raha azony ny hevitry ny atao hoe mahatoky. Namaly i Gemma fa toy ny finoana fa hitanty azy i Dada rehefa milaza aminy mba hitsambikina ao anatin'ny rano lalin'ny dobo filomanosana izany.

Nolazain'i Nenibe fa ny famakiana ny Baiboly, finoana ny teny ao, dia avy amin' Andriamanitra; ary ny fankatoavana izay lazainy dia toy ny mamaky sy manaraka tari - dalana fanaovana sakafo, ka matoky fa io atao io dia hahavitana mofomamy.

**Resadresaka**

Inona avy ireo boky na fandaharana novakinao na hitanao izay fantatrao fa tsy tena izy? Inona kosa no tena izy?

**Vavaka**

Angataho i Jesôsy hanampy anao hifantoka kokoa amin'ny tantara ara-Baiboly izay afaka hanampy anao hitombo, fa tsy toy ireo tantara foronina izay mampifalifaly fotsiny.

**Fampiasana**

Alaharo ho tonga sakana amin'ny fifaninana ny seza ao anaty efitrano. Manorata tari-dalana hovakina hanampy ny anankiray izay hotampenana ny masony ary handeha eo amin'ilay sakana. Ohatra, soraty hoe dingana firy miankavia, dingana firy miankavanana na mandroso, mila tafita soa aman-tsara izy.

ALATSINAINY

**Diniho ny Baiboly - Ahoana no fomba famakiako ny Baiboly?**

**Andininy fototra:** *"Ary tahaka izany, dia tsy sitraky ny Rainareo Izay any an-danitra, raha ho very na dia iray aza amin'ireny madinika ireny"* – Mat. 18:14.

Notantarain'i Gemma an'i Nenibe ny fotoana niarahany tamin'i Neny nitety ny saha fitsangantsanganana sy ny tsy nahitan'izy ireo ny toerana nisy ny vorona. Tsy maintsy nijanona izy ireo ary nijery ny sarintanin'ny saha mba hahitany ny torolalana handehanany amin'ny lalana marina. Nahatsikaiky tamin'izay satria lasa nanodidina izy ireo nefa hay 5 minitra avy eo monja ny toerana nisy ny vorona.

Nihomehy i Nenibe sady niteny fa tahaka izany koa ny olona sasany izay mitady an'Andriamanitra sy ny sitrapony ary ny fifaliana eo amin'ny fiainany. Mitady eny rehetra eny izy ireny sady manandrana zavatra maro, nefa Andriamanitra eo akaiky eo. Mila mamaky ny Baiboly fotsiny izy. Betsaka ny olona mihevitra fa sarotra be ny mamaky Baiboly, manahirana loatra. Indraindray, tsy mino izy ireo fa tena Tenin'Andriamanitra ho azy ireo tokoa ny Baiboly. Indraindray dia mihevitra izy ireo fa tsy misy afa-tsy ny lalàna ao amin'ny Baiboly.

Ny fomba tsara indrindra hanombohana mandinika ny Baiboly dia ny mivavaka aloha. Hanampy antsika hahatakatra izay vakintsika ny Fanahy Masina. Rehefa niakatra ho any an-danitra i Jesôsy, dia nampanantena fa haniraka ny Fanahin'ny fahamarinana ho amintsika mandrakariva: *"Ny Fanahy Masina, Izay hirahin'ny Ray amin'ny anarako, Izy no hampianatra anareo ny zavatra rehetra."* hoy Izy ao amin'ny Jao. 14:17,26.

*Jesôsy Malala ô, Ampio aho anio mba hahatakatra izay vakiko ao amin'ny Baiboly Teninao.*

Niteny tamin'i Gemma i Nenibe fa raha azony natao dia ho nomena an'i Gemma ny solomaso manokana famakiany Baiboly ka rehefa manao ilay solomaso i Gemma dia hahita hoe Iza tokoa Andriamanitra ary manahoana marina Izy. Raha nisy izany solomaso izany, dia ho naneho tamintsika fa ny zava-dehibe indrindra momba an' Andriamanitra dia Izy tia antsika. Rehefa mandinika ny teny rehetra ao amin'ny Baiboly isika, dia mila manao ny solomasontsika "Andriamanitra fitiavana". Mora hita ny fitiavan' Andriamanitra ao amin'ity andininy ity: *"Ary isika efa mahalala sy mino ny fitiavan' Andriamanitra antsika. Andriamanitra dia fitiavana; ary izay mitoetra amin'ny fitiavana no mitoetra ao amin'Andriamanitra, ary Andriamanitra ao aminy."* - 1 Jao. 4:16. *"Isika tia satria Izy efa tia antsika taloha"* - 1 Jao. 4:19.

Ny hafatra fototry ny fitiavana ao amin'ny Baiboly momba an'Andriamanitra dia Izy naniraka an'i Jesôsy zanany, ho faty ho antsika: *"Fa efa tonga ny Zanak'olona hitady sy hamonjy ny very"* - Lio. 19:9.

Tena tia antsika tokoa Andriamanitra, ka hitady antsika tahaka ny mpiandry ondry mitady ny anankiray amin'ny ondriny izay nania, ka very, ary tsy mahita ny lalana mody. Sady sarintany misy ilay harena nafenina Andriamanitra no ilay harena nafenina ihany koa.

*Jesôsy malala ô, misaotra noho ny fitiavanao anay, na dia tsy mendrika izany aza izahay. Ampio izahay hahita ny fitiavanao amin'izay rehetra vakinay ao anaty Baiboly.*

**Resadresaka**

Misy fomba hafa ve handraisanao ny hafatry ny Baiboly ankoatra ny famakiana azy? Inona izany?

**Vavaka**

Angataho Andriamanitra hizara ny drafitra nataony ho an'ny fiainanao amin'ny fianaranao amim-pahatokiana ny teniny.

**Fampiasana**

Manamboara solomaso vitsivitsy antsoina hoe: "Andriamanitra fitiavana" hoentina hamakiana Baiboly. Azo atao amin'ny baoritra sy plastika mangarahara na selôfanina, na amin'ny zavatra hafa.

TALATA

**MAMPIASA NY RAKITR'ANDRIAMANITRA - MITARIKA AHY NY BAIBOLY**

**Andininy fototra:** *"Izaho no voaloboka, hianareo no sampany. Izay miray amiko, ary Izaho aminy, dia mamoa be izy; fa raha misaraka amiko kosa hianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona."*
– Jao. 15:5.

Tena tian'i Gemma ny manao zavatra ho an'ny hafa sy manampy ao an-trano na any an-tsekoly. Fa indraindray dia mahatsapa tsy te hanampy fotsiny izy, ary indraindray aza mihevitra izy fa diso safidy rehefa misy olona mampalahelo na mampahatezitra azy.

Nolazainy fa tena efa manao ezaka be izy amin'izany, fa toa tsy misy vokany. Manontany tena izy raha hanampy azy ho tia ny hafa bebe kokoa ny rakitry ny Baiboly, ka hanampy azy handray ny fanapahan-kevitra marina.

Nanome toky azy i Nenibe fa samy manao hadisoana daholo ny tsirairay, ary afaka manampy antsika amin'izany ny rakitry ny Baiboly. Ny rakitry ny Baiboly voalohany tokony hotadidina dia izao: na mahatsapa ho tsy mahita vokany aza isika, dia mila manohy mamaky ny Baiboly hatrany. Nambaran'i Jesôsy tamin'ny mpianany fa toy ny sampam-boaloboka ny fiasany: Raha mbola miray amin'ny foto-boaloboka (Jesôsy) ny sampany (isika) dia hamoa voaloboka tsara (Jao 15:5). Noho izany dia mila miray amin'i Jesôsy isan'andro isika amin'ny alalan'ny famakiana Baiboly. Io firaisana io no manampy antsika hanahaka an'i Jesôsy, sy hanao safidy tsara isan'andro. Rehefa mamoa ny sampam-boaloboka dia ho faly koa ny hafa hihinana ny voany. Rehefa mitondra ny voan'ny rakitry ny Baiboly isika dia ho fitahiana ho an'ny hafa.

Toy ny tao amin'ny tantara avy ao amin'ny Baiboly, tsaroan'i Gemma mikasika ilay zazavavikely isiraelita babo izay nilaza momba ny herin'Andriamanitra mahasitrana tamin'ny tompony, fony izy narary. Satria nihevitra sy nizara ny fahalalany an' Andriamanitra azony avy amin'ny harena miafin'ny Baiboly izy, dia sitrana i Namàna tandapa, tompony. Azonao vakina ao amin'ny 2 Mpanj. 5:1-14 io rakitra io.

Nohazavain'i Nenibe fa ny zavatra tsara rehetra ataontsika dia avy amin'i Jesôsy avokoa, ary tokony hisaotra Azy isika tamin'ny fanampiany antsika. *"Isaorana anie Andriamanitra, Rain'i Jesôsy Kristy Tompontsika, Rain'ny famindrampo sady Andriamanitry ny fampiononana rehetra, Izay mampionona anay amin'ny fahorianay rehetra mba hahaizanay mampionona izay rehetra mitondra fahoriana kosa, amin'ny fampiononana izay ampiononan'Andriamanitra anay.*" - 2 Kôr. 1:3,4.

Tena naniry ho tahaka an'i Jesôsy i Gemma. Nohazavain'i Nenibe fa mila ny androm-piainana manontolo ny fanahafana Azy, ary avy amin'ny famakiana ny Baiboly isan'andro sy fivavahana ihany no hitomboantsika tsikelikely: *"(…) ka ovana hahazo izany endrika izany indrindra avy amin'ny voninahitra ka ho amin'ny voninahitra, toy ny avy amin'ny Tompo, dia ny Fanahy."* - 2 Kôr. 3:18.

Aoka hiray amin'i Jesôsy amin'ny famakiana ny teniny ianao dia hatolony anao ny fony, ny feony, ny tanany, ny tongony mba hizarantsika ny fitiavany amin'ny hafa.

**Resadresaka**

Raha afaka miaraka amin'i Jesôsy mandritra ny tontolo andro ianao, dia momba ny inona no horesahinareo? Aiza no halehanareo? Inona no hataonareo?

**Vavaka**

Angataho i Jesôsy mba handefa olona hizarànao teny raki-tsarobidy hitanao tao anaty Baiboly.

**Fampiasana**

Ianaro ny dingam-pivoaram-piainan'ny lolo na sahona. Mariho ny fiovana lehibe vitan'ny herin'Andriamanitra. Mahazo izany hery manova izany koa isika raha mangataka sy mifandray amin'i Jesôsy amin'ny alalan'ny Baiboly.

ALAROBIA

## ASEHON'NY BAIBOLY AHY I JESOSY

**Andininy fototra:**
*"(…) ka hiteraka Zazalahy izy,*
*ary ny anarany hataonao hoe Jesosy;*
*fa Izy no hamonjy ny olony*
*ho afaka amin'ny fahotany."*
- Mat. 1:21.

Mahaliana ny hahalalana ny antony nanomezana ny anarantsika sy ny dikany. Nampientanentana an' i Gemma ny nahafantatra fa ravaka no dikan'ny anarany amin'ny teny frantsay, ary vatosoa kosa amin'ny teny anglisy. Rehefa teraka ny Zanak'Andriamanitra, dia nisy Anjelin'ny tompo niseho sy nilaza tamin' ny rainy ara-nofo, Josefa, fa Jesôsy no anarana homena Azy. Nofidin'Andriamanitra manokana io anarana io satria ho Mpamonjy ny olona rehetra Izy.

Mampiasa anarana maromaro ho an'i Jesôsy ny Baiboly, ary maneho ny maha-Izy Azy avokoa ireny, ny toetrany, ny asa nanirahana Azy. Nirahin'i Nenibe haka ny Baiboliny i Gemma mba hiarahan'izy ireo mandinika ny andininy sy hitady ny anaran'i Jesôsy samihafa. Nosoratan'izy ireo tamin'ny takela-taratasy lehibe ny anarana rehetra. Ireto ny sasany amin'izany:

-Imanoela, Mat. 1:23: *"Indro, ny virijina hitoe-jaza ka hiteraka zazalahy; Ary ny anarany hataon'ny olona hoe Imanoela, izany hoe, raha adika: Amintsika Andriamanitra."*

Tsy te ho Andriamanitra lavitra Andriamanitra, maniry ny hiara-monina amintsika Izy. Andriamanitra teto an-tany i Jesôsy.

-Zanak'Andriamanitra, Jao. 3:16: *"Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana mba tsy ho very Izay rehetra mino azy, fa hanana ny fiainana mandrakizay"*

Teo amin'ny batisany dia nohamarinin' Andriamanitra fa Zanany i Jesôsy: *"Ary nisy feo avy tany an-danitra nanao hoe: Hianao no Zanako malalako, Hianao no sitrako"* – Mar. 1:11.

*- Zanak'olona, Mar. 10:45: "Fa ny Zanak'olona tsy tonga mba hotompoina, fa mba hanompo ka hanolotra ny ainy ho avotra hisolo ny maro."*

Nantsoina hoe Zanak'olona koa i Jesôsy. Andriamanitra i Jesôsy, fa teraka avy tamin' ny reny ara-nofo, nantsoina hoe Maria. Mahatonga an'i Jesôsy ho tena miavaka tokoa izany satria sady zanak'olombelona Izy, no Zanak'Andriamanitra koa.

- Tenin'Andriamanitra, Jao. 1:1;14: *"Tamin' ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin' Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika".*

Maneho amintsika an'Andriamanitra i Jesôsy. Izy no Tenin'Andriamanitra. Tamin'ny voalohany, niteny Izy dia àry izao tontolo izao. Izy no endrik'Andriamanitra tsy hita, ny Lahimatoa talohan'izao zavatra ary rehetra izao; *"(…) fa tao aminy no nahariana ny zavatra rehetra any an-danitra sy etỳ ambonin'ny tany"* – Kôl. 1:15,16: Tsy nanindrimandry ny Baiboly, izay Tenin' Andriamanitra ho antsika, fotsiny i Jesôsy, fa Izy mihitsy no tenin'Andriamanitra. Raha mahalala Azy isika dia mahalala an' Andriamanitra.

Mbola misy anaran'i Jesôsy hafa maro ao amin'ny Baiboly. Angataho ny ray amandreninareo hanampy anareo hahita ny sasany amin'izy ireo. Indreto misy andininy hanombohana:

- Zanak'ondrin'Andriamanitra, Jao. 1:29,36,
- Alfa sy Omega, Apôk. 22:13,
- Mofon'aina: Jao. 6:35.

**Resadresaka**

Fantaro ny dikan'ny anaranao, ary nahoana no nomena anao izany anarana izany.

**Vavaka**

Angataho i Jesôsy hanampy anao hahatakatra ny hevitra sarobidy voarakitra amin'ny anarany rehetra, eo am-pianarana ny tenin' Andriamanitra.

**Fampiasana**

Soraty amin'ny horonan-taratasy mitovy halava ny anaran'i Jesôsy. Ataovy rojo ny taratasy avy eo, dia ahantòny eo anelanelan'ny sarin'i Jesôsy sy ny fianakavianao.

ALAKAMISY

## MAHATAKATRA NY RAKI-TSAROBIDIN'NY FANANTENANA

**Andininy fototra:** *"Fa izay rehetra voasoratra fahiny dia nosoratana ho fianarantsika hananantsika ny fanantenana amin'ny faharetana sy ny fiononana avy amin'ny Soratra Masina."*
– Rôm. 15:4.

Tia mianatra i Gemma, saingy tsy andriny foana koa ny fialan-tsasatra. Nandeha fiaramanidina namangy an'i Nenibe ry zareo tamin'ity taona ity. Novidin'i Neny am-bolana vitsivitsy talohan'ny dia ny tapalika, ary toa tsy ho tonga mihitsy ny fialan-tsasatra raha ny fahitan'i Gemma azy. Notantarainy an'i Nenibe tamin'ny antso an-tariby izany.

Niezaka nampahery an'i Gemma i Nenibe. Nohazavainy fa ny fahamaizana amin-javatra no antsoina hoe manantena. Manao drafitra ho amin'izany ianao, mividy ny tapakilanao, mampirina ny fitafianao. Naniry ny fahatongavan' ny fialan-tsasatra koa i Nenibe. Nampanantena oroka be an'i Gemma i Nenibe any amin'ny fiantsonan'ny fiaramanidina.

Niresaka momba ny fanantenana omen'ny Baiboly i Gemma sy i Nenibe. Satria nifidy ny hihaino an'i Satana i Adama sy Eva, dia milaza amintsika ny Rôm. 1:25 fa nanomboka niankohoka sy nanompo zavaboary ny olona fa tsy Andriamanitra mpahary. Nanomboka nanao zavatra diso sy ratsy ny olona, ary tsy naka fotoana hianarana ny momba an'Andriamanitra sy ny fahatokiana Azy. Kanefa, satria tia antsika loatra Andriamanitra, dia nanao drafitra hamonjena izay miverina aminy Izy. Hisakana ny drafitr'i Satana sy ny fahotana tsy handratra ny olona ny drafitr' Andriamanitra. Ho tonga eto an-tany, toy ny zazakely, i Jesôsy, Zanak'Andriamanitra. Na Izany aza, tsy mba nanao ratsy mihitsy i Jesôsy, maty noho ny fahotantsika Izy, mba ho voavela ny helotsika ary ho afaka hiara-monina Aminy mandrakizay. Nizara andininy sarobidy ho an'i Gemma i Nenibe milaza hoe: *"Aza malahelo ny fonareo; minoa an'Andriamanitra, ary minoa Ahy koa. Ao an-tranon'ny Raiko misy fitoerana maro; raha tsy izany, dia efa nilaza taminareo Aho; fa handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho (…) dia ho avy indray ka handray anareo ho any amiko, ka izay itoerako no hitoeranareo koa."* – Jao. 14.1-3.

Eo am-pisainana ny fialan-tsasatra i Gemma, no mieritreritra fa ho tsara tokoa rehefa ho tonga i Jesôsy. Amin'izay dia hiaraka amin'i Jesôsy foana izy sy i Nenibe. Tampoka teo, tsy andrin'i Gemma intsony ny fiavian'i Jesôsy. Niantso an-tariby an'i Nenibe izy nilaza izany. Faly erỳ i Nenibe nandre fa nahamaika an'i Gemma ny fiavian'i Jesôsy. "Manana fanantenana mahafinaritra isika, ry Gemma" hoy i Nenibe. “Fanantenana Izay manainga ny foko hihira. Fanantenana fa indray andro any dia hiseho eo amin'ny lanitra i Jesôsy, ary hamoha ireo olona tia Azy efa maty".

*“Ary rehefa afaka izany, dia isika izay velona ka mbola mitoetra no hakarina hiaraka aminy ho eny amin'ny rahona hitsena ny Tompo any amin'ny habakabaka; dia ho any amin'ny Tompo mandrakariva isika”* 1 Tes. 4:17.

Nilaza i Gemma fa tsy andriny mihitsy izany, ary ianao?

**Resadresaka**

Ahoana ny fomba hanazavanao ny fanantenana amin'ny ankizy hafa?

**Vavaka**

Angataho i Jesôsy hanampy anao hanome ny fonao ho Azy isan'andro, mba ho any an-danitra miaraka Aminy ianao rehefa avy Izy.

**Fampiasana**

Manamboara boatin'ny fanantenana. Manaova boaty kely, dia ravaho sary sy sary mandraiki-tena (autocollant). Tapatapaho madinika mitovy habe ny taratasy, dia soraty eo ny andininy misy fanantenana tianao indrindra. Ahoròny dia ataovy ao anatin'ilay boaty mandra-pahafenony. Mamakia andininy iray isan'andro, na omeo namana iray ilay boatin'ny fanantenana.

ZOMA

## MARINA AVY AMIN'NY DISO - MANAMPY AHY HANAVAKA NY BAIBOLY

**Andininy fototra:** *"Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra sy ny sainao rehetra ary ny herinao rehetra (…) Tiava ny namanao tahaka ny tenanao."* – Mar. 12:30,31.

Tsapan'i Nenibe fa sahiran-tsaina i Gemma. Henony niady tamin'ny anadahiny niara-nilalao taminy izy io maraina io. Nisy tenim-pahatezerana voalaza. Rehefa nasain'i Neny niala tsiny izy, dia nakombon'i Gemma mafy ny molony tsy hisy teny hivoaka. Mipetraka eo an-tohatra ivelany i Gemma izao, ary hita hoe malahelo.

Fantar'i Nenibe fa misy andininy sarobidy maro ao anaty Baiboly afaka hanampy an'i Gemma hifidy ny hanao ny marina. Nampahatsiahy an'i Gemma izy hanao ny solomasony "Andriamanitra fitiavana". Dia nanokatra ny Baibolin'i Nenibe izy ireo ary nanomboka namaky sy niresaka.

Ao amin'ny Marka 12, dia nilaza i Jesôsy, fa ny didy lehibe indrindra dia ny hitiavana an'Andriamanitra amin'ny fo rehetra sy amin'ny fotoana rehetra ary amin'ny hery rehetra ananantsika; ary ny didy lehibe indrindra faharoa dia ny hitiavana ny namantsika tahaka ny tenantsika. Nohazavain'i Nenibe fa rehefa tsy azontsika antoka izay atao, dia mila eritreretintsika hoe ahoana no ahafahako mitia kokoa an' Andriamanitra sy ny namako? "Gemma", hoy i Nenibe, "azoko antoka fa isain'i Jesôsy ho namanao ny anadahinao sy ny olona rehetra eo amin'ny fiainanao, eny, hatramin'ny mpiray vodirindrina sy ny hafa rehetra".

Raha tia ny anadahinao ianao dia hiezaka hiteny tsara aminy. Rehefa manomboka ho tezitra isika dia afaka miala lavitra aloha mandra-pahatony antsika indray. Raha te haneho ny fitiavan'i Jesôsy amin'i Neny isika, dia hankatò azy. Ao amin'ny Ohabolana 15:1 dia vakintsika fa: *"Ny famaliana mora dia mampianina ny fahatezerana mafy; fa ny teny maharary mahatonga fahasosorana."*

Nieritreritra kely i Gemma dia lasa nitady an'i Neny. Misy teny fialan-tsiny tiany hambara aminy.

Ny 1 Jao. 2:3-8 dia milaza amintsika fa mahalala an'i Jesôsy isika raha mitandrina ny didiny, mankatò ny teniny ary mandeha araka izay nataon'i Jesôsy. Ny lehibe indrindra amin' ireo didin'Andriamanitra dia nomeny ny Zanak' Isiraely sy antsika tamin' ny alalan'i Mosesy. Miaina ao amin'ireo didy folo ireo i Jesôsy. Milaza amintsika ny fomba itiavana an'Andriamanitra ny efatra voalohany, ary manambara ny fomba itiavantsika ny namantsika ny enina farany. Novakin'i Nenibe tamin'i Gemma ny didy folo ao amin'ny Eks. 20 ary nohazavainy taminy.

Dia hoy i Nenibe: "Gemma, mety diso daholo ny rehetra. Fa afaka mangataka amin'Andriamanitra isika hamela antsika, sy hiezaka mafy hifandray amin'i Jesôsy. Nampanantena i Jesôsy fa indray andro any, dia hivelona sy hitia tahaka Azy isika. Ny 1 Jao. 3:2 dia milaza fa rehefa hiseho Izy dia ho tahaka Azy isika, fa ho hitantsika Izy amin'izay tena endriny tokoa. *"Koa mitafia famindrampo sy fiantrana, fahamoram-panahy, fanetren-tena, fahalemem-panahy, fandeferana, araka ny olom-boafidin' Andriamanitra sady masina no malala."* – Kôl. 3:12.

**Resadresaka**

Inona no tari-dalana tsara hamantarana izay marina sy diso?

**Vavaka**

Angataho i Jesôsy hanampy antsika hanao azafady raha nanao hadisoana.

**Fampiasana**

Mitondrà akanjo maromaro. Asio marika misy asa na toetra ny akanjo tsirairay. Ny sasany marihina amin'ny teny toy ny hoe: hatsaram-panahy, fizaràna, famakiana Baiboly, fivavahana, ary ny hafa marihina toy ny hoe: filalaovana jeux video, fitiavan-tena, fandaingana, fangalarana. Alamino ny akanjo ary avalony ao anaty valizy izay akanjo hoentintsika ho any an-danitra.

SABATA FAHAROA

## FAMPAHEREZANA AVY AMIN'NY BAIBOLY

**Andininy fototra:**

*"Fanilon'ny tongotro sy fanazavana ny làlako ny Teninao(...) Efa noraisiko ho lovako mandrakizay ny teni-vavolombelonao, satria fifalian'ny foko izany."* – Sal. 119:105-111.

Efa akaiky ny fotoana hampiriman'i Gemma ny entany sy hodiany. Nahafinaritra azy ny nandany fotoana niaraka tamin'i Nenibe sy nikaroka raki-tsarobidy tao anaty Baiboly. Halahelo ny firesahana amin'i Nenibe izy. Nampahatsiarovin'i Nenibe azy fa efa ao am-pony izao ireo raki-tsarobidy hitan'izy ireo, ka hoentin'i Gemma mody miaraka aminy. Manana ny Baiboliny i Gemma ary fantany fa hanampy azy hikaroka raki-tsarobidy bebe kokoa i Dada sy Neny.

Rehefa mahatsiaro toa very sy tsy mahazo antoka ny fomba hiraisana amin'i Jesôsy isika, dia afaka mitoky amin'ny Tenin' Andriamanitra. Mitovy amin'ny Jiro na fanilo maneho ny fomba hivelomana araka ny lalana irin'i Jesôsy ho antsika ny Baiboly.

Nohazavain'i Nenibe fa tsy fonenana mandrakizay ho antsika ity tany ity. Maika hody any an-danitra isika. Arakaraka ny maha-akaiky izany fotoana izany anefa no maha-maro ny olona mandà ny fitiavan' Andriamanitra sy manaraka Azy. Raha tsy manana ireo raki-tsarobidin'ny Baiboly ao am-pony izy ireny, dia ho sarotra aminy ny ho tsara fanahy amin'izy samy izy sy hifanampy. Lasa toerana mampidi-doza ho amin'ny fiainana izao tontolo izao.

Tsaroan'i Gemma ny tantaran'ilay lehilahy hendry izay nanorina ny tranony teo ambony vatolampy, sy Ilay lehilahy adala nanorina ny azy teo ambony fasika. Rehefa avy ny orambe, dia Ilay trano teo ambony vatolampy ihany no mafy orina. Nambaran'i Jesôsy fa ny lehilahy hendry dia nandre ny teniny ary nankatò izany. Maro ny olona mandre ny amin'i Jesôsy sy ny fitiavany, saingy vitsy no manaiky izany fitiavana izany sy tia an'i Jesôsy ka hatoky sy hivelona ho Azy.

Niteny tamin'i Gemma i Nenibe fa tian'i Jesôsy izy hizara ny fitiavany sy hanao ny tsara amin'ny hafa. *"Aoka hazava eo imason'ny olona toy izany koa ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hankalazany ny Rainareo Izay any an-danitra."* – Mat. 5:16. Mampientanentana tokoa izany ho fahazavan' Andriamanitra sy fanantenana ho an'ny olona izany.

*"Koa amin'izany dia aoka hanahaka an' Andriamanitra hianareo tahaka ny zanaka malala. Ary mandehana amin'ny fitiavana, toy ny nitiavan'i Kristy anareo, dia ny nanolorany ny tenany ho fanatitra sy ho fanavotana amin'Andriamanitra, ho hanitra ankasitrahana, hamonjy antsika."* – Efes. 5:1,2.

**Resadresaka**

Inona ireo raki-tsarobidy 8 nianarantsika nandritra ny herinandro?

**Vavaka**

Angataho i Jesôsy mba ho tena takatry ny sainao ny fitiavany antsika.

**Fampiasana**

Manamboara karatra fanamarihan-takila amin'ny Baiboly. Soraty ao ny andininy sarobidy tianao indrindra tamin'ity herinandro ity. Ravaho sary na sary mandraiki-tena. Fatory ribà tsara tarehy hikirazorazo eo ambanin'ny takila vakinao.